

**Ilay Voa Tsara Nafafy 12
Oktobra 2020**

(Hoy i Joba :) Nahoana re aho no ... tsy niala aina, fony vao nivoaka avy tany an-kibo e?... Nahoana no fahazavana no mba omena ny reraka, ary fiainana ho an'izay latsaka amin'ny fangidiana ? Izay miandry fahafatesana, nefa tsy avy izy. Joba 3. 11, 20, 21

Fa navotany (navotan'Andriamanitra) ny fanahiko ... ary mifaly ny aiko amin'ny fahitana ny mazava. Joba 33. 28

Aleo aho ho faty (3) Joba

Tsara vakina : Joba 3

Nanankarena sy rakotra zavatra i Joba. „Marina sy mahitsy” iha-ny koa izy, „sady natahotra an'Andriamanitra, ka nifady ny ratsy” (Joba 1. 1). Nefa dia hisy fizahan-toetra lozan-tany, havelan'Andriamanitra hihatra aminy. Fongana tao anatin'ny iray andro ny fananany rehetra sy ny zanany folo mianadahy. Avy eo dia nisy vay ratsy nikiky azy hatrany an-tampon-doha ka hatrany am-paladia. Nandritra izany fotoana rehetra izany, dia tsy mba nikomy tamin'Andriamanitra i Joba, na dia nampirisihin'ny vadiny aza. Teo anefa ny fangirifiriana, ary nitady izay hanampiana azy ireo sakaizany, saingy tsy afaka nanamaivana ny fijaliany ; ary farany dia resy tanteraka izy ! Tsy nangina intsony izy, ka nanazona ny andro nahaterahany, ary naniry ny ho faty. „Nahoana” marobe no nivoaka ny molony...

Manao ny tsy rariny ve Andriamanitra ? Avelany hisy ve izao fizahan-toetra izao, nefa tsy misy tanjona kendreny akory ? Tsia, tia an'i Joba Izy, ka te hampianatra lesona lehibe azy. Taoriana-na adim-panahy naharitra ela, dia ho takatr'i Joba ny elanelana manasaraka azy amin'Ilay Andriamaniny feno fiandrianana sy hery. Ka hoy izy nony farany : „Ankehitriny izao kosa dia ny masoko no mahita Anao ; koa dia miaiky sy mibebaka ... aho” (Joba 42. 5, 6). Raha vao azon'i Joba ny lesona, dia sitrana izy, ary nitahy azy fahatratra Andriamanitra.

Ry kristiana, rehefa misosa tsy misy olana ny fiainantsika, dia tandidomin-doza isika hihevitra fa tahin'Andriamanitra noho ny hatsarantsika. Mety hanadino isika fa avy aminy no ananantsika ny zavatra rehetra. Noho izany dia mampisy zava-manahirana Izy, hanerany antsika hisaintsaina indray ny fiainantsika, mba hahitantsika izay rehetra tsy mifanaraka aminy ao am-pontsika ao. Nefa asehony amintsika ihany koa ny halehiben'ny voninahiny sy ny fahasoavany. Mampangirifiry izany, nefa matokia isika fa ny tiany mandrakariva dia ny hanisy soa antsika, any am-parany (Jakoba 5. 11).